Ny Fahitako an'i Madagasikara 2006

Ny Fahitako an'i Madagasikara – Ahoana ary? Dia hoy izaho – Vahiny atỳ amin'ny firenena Amerikana noho ny amin'i Jehovah, lavitra ny Rayamandreny mbamin'ny tany nahaterahana, anefa avy hialoka eo ambanin'ny elany.
Fefika ny Malagasy ny taonjato faha 21 (21ème siècle), satria raha arahana ara-tantara, tsy mbola nandalo ny taonjato faha 17 niainan'ireo tany mandroso ny tany Madagasikara (La Renaissance du 16 – 17ème siècle de l'Europe occidentale).
Tehilahatra avy hatrany amin'ny tany mandroso anefa. Ary tsy izany ihany, fa – ny tsi-fahamarinana sisa no hahafahana manondrotra tena – mitady ho izany izao ny toetsain'ny gasy; hoatra ny tsy misy Andriamanitra eo amin'ny tany Madagasikara.
Ka nahoana aza? Gisitra i Madagasikara. Aiza ny hendry? Aiza ny mpanao-politika? aiza ny mpiady hevitra avy amin'izao tontolo izao? Tsy nampodin'Andriamanitra ho fahadalana va ny fahendren'ny gasy? – Gisitra eran-tany amin'ny sehatra maro i Madagasikara; anefa ny Amerikana, hoy izaho, tafiditra ao amin'ny tany Kanana, araka izay nolazain'i Jehovah. Voasoratra hoe: "Ary naoriko taminy koa ny fanekeko hanomezako azy tany Kanana" (Eksodosy 6. 4). – "dia tany tondradronono sy tantely" (Deoteronomia 26. 15). Nahoana moa? "Satria tanteraka tamin'ny fanarahana an'i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, izy" (Josoa 14. 14).
Fa tsaroako ilay tenin'ny Tompo nolazainy tamin'ny vavan'i Salomona mpanjaka hoe: "Amin'ny andro mahafaly dia mifalia ary amin'ny andro mahory mieritrereta; fa nampifanandrifin'Andriamanitra ireo, mba tsy hahitan'ny olona akory izay ho avy any aoriany" (Mpitoriteny 7. 14).
Ary mifanaraka amin'izany ny tenin'ny mpaminany, araka ny voasoratra hoe: –
"Fa, indro, hataoko tsinontsinona eo amin'ny firenena hianao sy fanimbazimba eo amin'ny olona" (Jeremia 49. 15). – sady voasoratra izany ho fananarana antsika izay niharan'ny faran'izao tontolo izao.
(Edom, je vais faire de toi la dernière des nations, celle que tout le monde méprise)
Nahoana moa?
"Satria ny olona nahafoy an'i Jehovah" (1Mpanjaka 9. 8 – 9).
"Ny Tompo dia tonga toy ny fahavalo ka nandevona (nitelina) ny Isiraely. Eny, nolevoniny (nateliny) ny lapany rehetra, sady noravany ny fiarovany; Ary nampitomboiny ny fisentoana sy ny fitarainan'i Joda zanakavavy" (Fitomaniana 2. 5).
"Mitsangàna, miantsoantsoa amin'ny alina hatramin'ny filatsahan'ny fiambenana, Aidino tahaka ny rano eo anatrehan'ny Tompo ny fonao! Asandrato aminy ny tananao hifona ho an'ny ain'ny zanakao madinika, izay anan'ny hanoanana eny an-joron-dalambe rehetra eny" (Fitomaniana 2. 19).
"Iza moa no miteny, ka dia mahatonga izany, raha tsy zavatra efa nodidian'ny Tompo?" (Fitomaniana 3. 37)
"Nefa hoy hianareo: Tsy marina ny fitondran'ny Tompo. Mihainoa ange, ry taranak'Isiraely: Moa ny fitondrako va no tsy marina ? Tsy ny fitondranareo va no tsy marina?" (Ezekiela 18. 25)
Tsy marina angaha Andriamanitra Izay mandatsaka ny fahatezerany! – miteny araka ny fanaon'ny olona aho – Sanatria izany! Fa raha izany, hataon'Andriamanitra ahoana no fitsara izao tontolo izao? –
"Mbola tsy mahafantatra ihany va hianareo?" (Marka 8. 21) –
"Voninahitr'Andriamanitra ny manafin-javatra; Fa voninahitry ny mpanjaka kosa ny mamanta-javatra" (Ohabolana 25. 2).
Fa Madagasikara tsy miverina amin'Izay mamely azy, Eny, Jehovah, Tompon'ny maro, tsy mba tadiaviny (nefa tsy misy olona mahalala izay ho avy)
Koa amin'izany mihainoa ahy, hianareo manam-panahy: Fa Madagasikara dia mirakitra fahatezerana; Tsy mitaraina izy, na dia afatony aza ; Nefa tsy misy manao hoe : Aiza Andriamanitra, Mpanao ahy.

Hilaza zava-boatendry Aho: Mihainoa izany, ry Madagasikara (2006) – ho triatra ny horohoron-tany, ny tany. Voasoratra hoe: "Efa akaiky ny faharavan'i Niniva, fa tsy maintsy tanteraka ny tenin'Andriamanitra" (Bokin'i Tobia 14. 6).
Ary koa: "Satria hitako fa hahatarika ny fandravana azy ny tsy fahamarinan'i Niniva" (Bokin'i Tobia 14. 13). Moa fantatrao va izay vakinao? –
Tompoko ô, hanao ahoana no hiafaran'ireo zavatra ireo? Izy no Jehovah, aoka Izy hanao izay sitraky ny fony.
Eny fa na dia mampahory aza Izy, dia mbola hiantra ihany araka ny haben'ny famindram-pony. Fa tsy sitrany ny mampahory na mampalahelo ny zanak'olombelona. (Izahao ny bokin'ny Mpanjaka faharoa toko 20 – Ny nahararian' i Hezekia; Sy ny bokin'i Jona toko 3 – Ny nitorian'i Jona teny tao Ninive.)
Fa antomotra ny faran'ny zavatra rehetra; koa hendre ka mahonona tena ho amin'ny fivavahana,
Raha mivavaka hianareo, dia ataovy hoe: "Andriamanitra ô – mialà amin'ny fahatezeranao mirehitra, ka manenena ny amin'ny loza izay hanjo ny olonao" (Eksodosy 32. 12). –
Voasoratra hoe: "Ary Jehovah dia nanenina ny amin'ny loza izay nokasainy hamelezana ny olony" (Eksodosy 32. 14).
Ary koa: "Ary rehefa hitan'Andriamanitra ny nataon'ireo ny amin'ny nialany tamin'ny làlan-dratsiny, dia nanenina Izy ny amin'ny loza izay nolazainy hamelezany azy, ka tsy nataony izany" (Jona 3. 10).
Inona no holazaiko aminareo? "Dinihinareo ny Soratra Masina" (Jaona 5. 39).
Ary indray koa, "Ary Davida nanao alitara teo ho an'i Jehovah ka nanatitra fanatitra dorana sy fanati-pihavanana. Ka dia neken'i Jehovah ny fifonana natao ho an'ny – tany, ka nitsahatra tsy namely ny Isiraely intsony ilay areti-mandringana" (2Samoela 24. 25). –
Ary amin'izao koa, Madagasikara manao bontolo amin'ny ady amin'ny fahantrana ara-ekonomika – araka ny voalaza teo hoe : "hoatra ny tsy misy Andriamanitra eo amin'ny Isiraely" (2Mpanjaka 1. 16). Ary koa: "Nefa tsy misy manao hoe : Aiza Andriamanitra, Mpanao ahy?" (Joba 35. 10).
Mizihitra amin'ny programa – mizihizihy amin'ny diplôma avo lenta – miaraka amin'ny document de stratégie pour la réduction de la pauvreté (DSRP) – sy ny projet de soutien au développement rural (PSDR). –
Milaza ao amin'i Davida hoe: "Ny lanitra mitory ny voninahitr'Andriamanitra; Ary ny habakabaka manambara ny asan'ny tànany" (Salamo 19. 1).
Ny Tsitoha, tsy mahita Azy isika; Izay lehibe amin'ny hery sy ny fitsarana mbamin'ny fahamarinana tanteraka dia tsy mba mampahory. Koa izany no atahoran'ny olona Azy.
Fa "ny nataon'ny olona ihany no ampanodiaviny azy, Ka mamaly ny olona rehetra araka ny làlany avy Izy" (Joba 34. 11).
(Na amin'ny firenena, na amin'ny olona tsirairay),
"Na alatsany ho famaizana – Raha tokony ho an'ny taniny izany – na ho famindrampo kosa" (Job 37. 13);
"Fa Andriamanitra kosa no ihavian'ny zavatra rehetra" (1Korintiana 11. 12).
"Fa ireny zavatra ireny no itsarany ny firenena" (Joba 36. 31) –
Ary koa – Hanatrika fifidianana izay ho tena Andriamanitra hotompoiny, Madagasikara. –
Kihon-dàlana eo amin'ny fiainam-pirenena ny fifidianan'ny vahoaka izay ho filoham-pirenena anio (2006). Nefa lehibe lavitra noho izany ny fifidianany izay Andriamanitra hivavahany sy hotompoiny.
Ny fanompoan-tsampy amin'ny endriny samihafa dia tsy eken'ilay Andriamanitry ny Lalàmpanoren'ny Repoblikan'i Madagasikara – 1998 (Andriamanitra Andriananahary izany).
Ahoana ary? Mila filohampirenena malagasy mitsangana ho modely sy manandratra ny fivavahana kristianina, Madagasikara. –
"Miantso ny lanitra sy ny tany (Madagasikara) aho, 'anio' ho vavolombelona aminareo fa efa nataoko teo anoloanao ny fiainana sy ny fahafatesana ary ny fitahiana sy ny fanozonana; koa mifidiana ny fiainana, mba ho velona hianao sy taranakao, dia ny ho tia an'i Jehovah

Andriamanitrao hianao ka hihaino ny feony (ny Baiboly) sy hifikitra aminy; fa Izy no fiainanao" (Deoteronomia 30. 19 – 20).
Ary amin'izany zavatra lazaina rehetra izany dia izao no fotony "Ary ny taninao hatao hoe Vady ampakarina; Fa sitrak'i Jehovah hianao, Ary ny taninao hampanambadina" (Izahao Isaia 62). "Fa halako ny fisaoram-bady, hoy Jehovah" (Malakia 2. 16) –
"Eny, hofofoiko ho vadiko amin'ny fahamarinana hianao, Ka dia hahalala an'i Jehovah" (Hosea 2. 22).
Ary araka izany koa no voasoratra hoe:
Hiantso ny anarako izy, ary Izaho hamaly azy; Izaho hanao hoe: 'Oloko izy' ary izy hanao hoe : 'Jehovah no Andriamanitro' (Izahao Zakaria 13. 9).
Izany no nanaovan'ny mpanao hira hoe:
'Manomboka ety an-tany, ny fiainana any an-danitra. Tontolo izao, feno ny voninahiny. Ho avy ny Tomponay, efa ho avy ny Tomponay'.
Fa izaho kosa dia hanantena mandrakariva, Ary hitombo lalandava ny fiderako Anao.
Hampahatsiaro ny fahamarinanao aho, dia ny Anao ihany;
Sy ny asanao lehibe amin'izay rehetra mbola ho avy.
Isaorana anie Jehovah Andriamanitra, Andriamanitry ny Isiraely; Izy irery ihany no manao fahagagana; Ary isaorana mandrakizay anie ny anarany malaza; Ary aoka Madagasikara ho henika ny voninahiny. Amena dia Amena.
Mba hisy olona vaovao hantsoin'Andriamanitra, hanao ny asany, ho fampandrosoana ny fanjakan'i Kristy eto an-tany Madagasikara. Angataho Jesoa ho Mpanjakan'ny Malagasy rehetra, ary mba ho rivotry ny Fanahy Masina no hitsoka eto Madagasikara
(Izany no ho eritreretiko ato am-poko, ka dia hanantena aho)
Koa araka izay lazain'ny Fanahy Masina hoe:
"Anio, raha hihaino ny feony hianareo, Aza manamafy ny fonareo, Tahaka ny tamin'ny fahasosorana, tamin'ny andro fakam-panahy tany an-efitra, Izay nakan'ny razanareo fanahy Ahy tamin'ny nizahany toetra Ahy,
Ary nahita ny asako 40 taona izy" (Hebreo 3. 7).
Ary indray koa, –
Ka izay Filoham-pirenena (2007) ho voafidy dia fantsona hahatonga an'i Madagasikara ho an'i Kristy.
(Fa raha very saina izahay, dia ho an'Andriamanitra; fa raha tsy very saina izahay, dia ho anareo),
Ny tena marina dia izao – "Raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony", hoy ny Tompo, "dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hanasitrana ny taniny" (2Tantara 7. 14). –
Ary koa, "Sambatra ny firenena izay manana an'i Jehovah ho Andriamaniny" (Salamo 33. 12).
Dia ho tanteraka ny teny voasoratra hoe:
"Ary naoriko taminy koa ny fanekeko hanomezako azy tany Kanana" (Eksodosy 6. 4).
"Ary, indro, misy ny aoriana ho aloha, ary misy ny aloha ho aoriana" (Lioka 13. 30). Nahoana moa? Fa misy teny ao amin'ny Soratra Masina manao hoe:
"Fa raha an'i Kristy hianareo, dia taranak'i Abrahama sy mpandova araka ny teny fikasana" (Galatiana 3. 29).
"Fa fantatrareo ny fahasoavan'i Jesoa Kristy Tompontsika, fa na dia nanan-karena aza Izy, dia tonga malahelo noho ny aminareo, mba hampanan-karena anareo ny alahelony" (2Korintiana 8. 9).
Fa na firy na firy ny teny fikasan' Andriamanitra (promesse), dia ao aminy ny 'eny', ary amin'ny alalany koa ny 'Amena', ho voninahitr'Andriamanitra amin'ny ataonay.
"Tsinjovy ao amin'ny fonenanao masina any an-danitra, ka tahio ny olonao sy ny tany izay nomenao anay araka izay nianiananao tamin'ny razanay, dia tany tondradronono sy tantely" (Deoteronomia 26. 15).
"Ary hihinana hianareo Malagasy ka ho voky, Dia hidera ny anaran'i Jehovah Andriamanitrareo" (Joela 2. 26).
Ary mifanaraka amin'izany ny tenin'i Richard Boothby (1644) –

'Ary tsy azo lavina hoy izy, fa izany tany atao hoe Madagasikara izany izay manoatra noho ny tany rehetra any Asia, sy Afrika sy Amerika. – Fa azo oharina amin'ny tany Palestina izy, dia ny tany tondra-dronono amantantely. Izao tontolo izao kely ho azy.
Izany tany Madagasikara izany hoy izy, tsy mba mitovy amin'ny tany hafa, ary tsaratsara kokoa noho ny sasany, ambon'ny tany, ambanin'ny lanitra'.
Ary amin'izao koa – araka ny voalaza teo hoe – I Amerika, hoy izaho, tafiditra ao amin'ny tany kanana, araka izay nolazain'i Jehovah.
Nahoana moa? "Satria tanteraka tamin'ny fanarahana an'i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, izy" (Josoa 14. 14).
Fa hoy Izy eo amin'ny Salamo hafa koa: "Sambatra ny firenena izay tahaka izany; Eny, sambatra ny firenena izay manana an'i Jehovah ho Andriamaniny" (Salamo 144. 15).
Ny firenena Amerikana manana prezidà sahy mijoro kristianina; Sy manambara ny finoany ampahibemaso, –
"Tsy azo atao ny manapaka ara-drariny an'izao tontolo izao tsy misy an'Andriamanitra sy ny Baiboly" (G. Washington). –
"Ny Baiboly no mahay manamboatra olona tsara indrindra eto ambonin'ny tany" (T. Jefferson). –
"Amin'izay olona rehetra manana ady sarotra, eto an-tany, tiana ho lavorary, dia toroko hevitra izy handinika ny Baiboly" (T. Roosvelt). –
Ary tsy izany ihany, fa
"Jesoa no làlana sy fahamarinana ary fiainana, araka ny Soratra Masina"(Jaona 14. 6).
"Jesoa no Tompo, araka ny Soratra Masina" (1Korintiana 12. 3).
Fa "izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery ho tonga zanak'Andriamanitra, dia izay mino ny anarany" (Jaona 1. 12). "Izy no Andriamanitra marina sy fiainana mandrakizay" (1 Jaona 5. 20). –
"ho an'Andriamanitra tokana ihany sady hendry anie ny voninahitra amin'ny alalan'i Jesoa Kristy mandrakizay mandrakizay. Amena" (Romana 16. 27).
"Ny fahasoavana anie ho amin'izay rehetra tia an'i Jesoa Kristy Tompontsika amin'ny fitiavana – Amena" (Efesiana 6. 24).
"Raha misy tsy tia ny Tompo, aoka ho voaozona izy" (1 Korintiana 16. 22).
Ary rehefa re izany rehetra izany, dia izao no faran'ny teny:
(fa tsy misy farany ny manao boky maro, ary manasatra ny tena ny fianarana be),
Andriamanitra no atahory, ary ny didiny no tandremo, fa izany no tokony hataon'ny olona rehetra.
"Malagasy misakafo sy mitafy ara-dalàna. Vahoaka manan-trano fonenana mendrika ny maha-olona. Salama sy afaka mitsabo tena raha marary. Miaina anaty fandriampahalemana ka afa-mianatra sy miasa. Mamokatra am-pitoniana" – Famaritan'ny prezidà Ravalomanana ny fandrosoana ireo. – Mamaly ny fijalian'ny Malagasy miady amin'ny fahantrana.
Hohasoavin'Andriamanitra anie ny prezidà (2005). "Manamasina azy amin'ny fahamarinana, ny teninao no fahamarinana"; (naverina) nosoratana tamin'ny 25 Novambra, ny taonan'ny Tompo, 2005.